## FIHAONANA ANKAZOBE

4

# FANAFIHANA NARAHINA DORO TRANO, JIOLAHY IRAY MATY VOATIFITRA

## MARINA IZANY ! 7


## VAO MANOMBOKA...!

Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7729 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 25 novambra 2023

## Tsaroako ilay"... 2

### R.MAMY OLIVIER (MPANORATRA)



## LATSAKA TAO ANATY "DALLE"

## FIFANOLANANA ARA-PIFIDIANANA 7

# FITARAINANA ROA NO VOARAY ENY AMIN'NY HCC




## HO ANAO RAMATOA 3

## FANALANA PANDA SY TASY NATORALY


## PR. SAMMY GREGOIRE SY BARSON RAKOTOMANGA 8

## NAHAZO FAHAFAHANA VONJIMAIKA, HOTSARAINA AMIN'NY 12 DESAMBRA

## SHYN 2

## NAMOAKA HIRA "HUMAN"








Tsaroako ilay"...

R.Mamy Olivier (Mpanoratra)

# Latsaka tao anaty Dalle teo akaikin'ny Shoprite Ampefiloha

*Randrianjoanimanana Olivier. Fantatra amin'ny anarana maha mpanoratra azy hoe R.Mamy Olivier. Mpiray Faribolana ao amin'ny Sandratra, mpampianatra taranja malagasy any amin'ny Lisea Vatomandry ; mpandinika. Manodidina ny 250 ny tononkalo nosoratany, namoaka boky maro niaraka tamin'ny mpiray faribolana ; efa namoaka boky " Dobok'onja ", " Singan-kevitry ny mpandinika ", " Haren-tsaina " ary efa miala any ny boky vaovao " Zahatra ". Maro ny fahatsiarovany hatramin'ny fahazazany, fa sombiny ihany no hotantaraina eto anio :*

**Nihevi-tena ho mpilalao' ny Argentine**

Tany Mahajanga no teraka i R.Mamy Olivier. Tany antoerana ihany koa no nandaniany ny fahazazany. Anisan'ny fialamboly sady fanatanjahantena nankafiziny indrindra ny lalao baolina kitra. Rehefa milalao ny ekipan'ny Argentine, dia mahavatra miari-tory mihitsy ny anao lahy na amin'ny firy na amin'ny firy. Nandritra ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tamin'ny 1978, dia miaritra mihitsy izy mijery io ekipany io. Hany ka rehefa milalao miaraka amin'ny namany dia mihevitena ho mpilalaon'ny Argentine mihitsy izy eny ambony kianja. Na any am-pianarana aza, rehefa fakan-drivotra dia ny milalao baolina kitra ihany no andaniany fotoana, ka mihevitra ny tenany hoe mpilalaon'ny Argentine izy amin'izany.



**Mankafy mihaino tantara vakian-dRamose Pascal**

Tamin'izy mbola kely, dia fanaony ny mitondra kitapo ngezabe rehefa mandeha mianatra. Naniry ho mpampianatra hatr'izay mantsy izy, dia nantsoin'ny olona hoe Mese le direktera tamin' izany. Ankoatra ny baolina kitra, dia tia mamaky boky ihany koa R.Mamy Olivier ary mandany ny vola tokony hividianana ody ambavafo amin'ny boky sy gazety. Fa anisan'ny fahatsiarovana tsy hadinony tany andakilasy ny ampianarin-dRamose Pascal tao amin'ny Lisea Philibert Tsiranana. Mpampianatra taranja Malagasy izy io, ka isaky ny miditra ao ampianarana dia mamaky tantara foronina foana Ramose ka tsy andriny izay hahatongavan'ny ora hampianaran'io Ramose io. Ny boky "Sikajin'i Dadabe" nosoratan'i Randriamiadanarivo no tena tiany indrindra tamin'izany.

**Latsaka tao anaty Dalle teo akaikin'ny Shoprite Ampefiloha**

*"Ny nampiomehy sy nampalahelo indrindra dia : fony nianatra tao amin'ny ENS Ampefiloha Antananarivo aho tamin'ny 1996. Sendra latsak'orana tamin' izay ka dobo rano teny amin'ny lalana Ampefiloha iny. Tsy nahandry nilahatra naka sisiny toy ny olona aho fa nandeha tampovoany, kanjo latsaka tao anaty dalle. Teo ampitan'ny Soprite Ampefiloha amin' izao io izany"*, hoy izy. Fa mitohy amin'izay resaka fampiarana izay ihany, saingy efa mpampianatra indray ireto : *"tsaroako ho nahafinaritra ahy ary tian'ny ankizy mpianatro dia miantsa tononkalo iray na roa aho isaky ny mampianatra. Fa ankoatra izay, nampiomehy sy nampalahelo indrindra dia fony nampianatra tao amin'ny Cours Aceem tao amin'ny Lycée JJ Rabearivelo tamin' izay. Sendra nanazava lesona aho ka nampandika lesona ny ankizy teo amin' ny solaitrabe dia nipetraka teo ambony dablio iray tao aoriana. Kanjo nentin'ilay dabilio nianjera tamin'ny tany fa ratsy ny tongony »*, hoy ihany izy.

**Namoaka boky "Sangodim-pitia"**


"Nanomboka tamin'ny 1984 aho no nanoratra. 17 taona aho tamin'izay. Efa 39 taona nanoratana aho izao. Ny fiarahana niantsa tononkalo tamin-dry Avelo Nidor tamin'ny fankakazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tononkalo tamin'ny 2004 ka namoahanay Boky "Sangodim-pitia" no fahatsiarovana mamiko indrindra. Tao amin'ny Tranombokim-pirenena Anosy tamin'izay. Faharoa, ny fiarahana nanao vela-kevitra tamin'ny namana toa an-dry Ranoe, Elie Rajaonarison, J Nalisoa Ravalitera, Zo Maminirina, Radialph nitety Faritra maro teto Madagascar koa no nahafinaritra ahy. Boky maro no efa niarahana tamin'ny mpiray faribolana na teto Antananarivo na tany Vatomandry.

**Nangonin'i Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**
«Tsara ny mahita ny andaniny mangina, raha ny ankilany kosa maniry anao ny ho tezitra sy romotra. Dia toy izay ny hafaliana, aleo valiana tsiky ny olona maniry anao ny handrotsa-dranomaso na hitomany midradradradra, hono, noho ireo loza sy ankaso.»
**Ny Vetso (23.04.16)**
(«Comme c'est beau de rester silencieux face à celui qui veut votre colère. Et comme c'est beau de sourire face à celui qui veut vous voir pleurer. »)

Shyn

## Namoaka hira vaovao: "Human"




**Niketrika zava-baovao ho an'ny mpankafy no nampangina an'i Shyn.**

Efa ela ela izay i Shyn no tsy namoaka vokatra, omaly,nivoaka tamin'ny fesibokiny ny vazo vaovao vao mafana izay hatolony ho an'ny mpankafy rehetra. Mitondra ny lohateny hoe: "human" izay hira vaovao izay. Nohazavainy fa hira iray izay anisan'ny notsongainy manokana hialoha lalana ny rakitsary (album) izay havoakany amin'ny taona 2024 ity hira ity. Nilaza izy fa niketrika zava-baovao ho an'ny mpankafy no nampangina azy tao ao ary dia efa manana vina ny hamoaka rakitsary vaovao amin'ny taona ho avy io. Nambarany fa ahitana hira 15 eo ho eo ao anatin'izany vokatra vaovao izany. Raha amin'ity hira vaovao izay vao navokany ity dia miresaka ny zava-mitranga maneran-tany ny tenany; ity tany ity mantsy hoy izy no trano tokana iarahan-tsika monina eto,hisy dikan-teny maro be ao anatiny mba hanampiana ny hafa hahazo ny hafatra,ary amin'izay hafatra izay indrindra no hanentanany an'ny rehetra mba hizara ity hira vaovao ity mba ho hitan'ny olona maro be izany ka mba hisy fiantraikany tokoa. *"Hiriko antsika hifagnampy raha tsy mampanahirana sao mba misy ihany fiantraikany amin'izao fiainana miroso amin'ny haizina izao,mbola tsy tara mbola hafaka manova"* hoy izy manamafy izany hafatra izany.

**Tanya.R**

F'inn zao e ?!

## Mikarakara cabaret ny 1 desambra izao



**Izy dimy lahy hiakan-tsehatra mandritra ny fampisehoana.**


Seho iray izay karakarain'ny "F'inn zao e ?!" no hotanterahina eny amin'ny Espace Concerto Anosy Avaratra ny Zoma 1 desambra ho avy izao manomboka amin'ny 9 ora alina. Hianoka tanteraka ao anatin'ny gadon-kira akostika ao anatin'ny ora efatra be izao ireo rehetra tonga hanatrika ity fety ity. Dimy miralahahy no hiaraka hampiseho ny talentany mandritra izany izay ahitana an-dry Ony, Tolotra, Dougl, Nini ary Sed. Samy manana ny tarika misy azy avy izy ireo fa saingy hiaraka hiaka-tsehatra amin'io fotoana io ka interprétation no hataon'izy ireo amin'izany. Aorian'ilay seho an-kira dia hisy ny "open mic" izany hoe afaka mandray anjara mihira ny mpanatrika. Fa mandritra ny hetsika ihany koa dia misy ny kitonotono ao an-toerana izay karakarain'ny OPB grillades. Ny tapakila dia efa azo vidina dieny izao eny amin'ny épicerie Nane Bel'air ka 20000 ariary ny tapakila tsotra raha 25000 ariary kosa ny famandrihan-toerana.

**T.H**

Lianah

# Hifamotoana amin'ny mpankafy azy etsy amin'ny "Chez Papa" anio

Somary tsy dia re firy teo amin'ny tontolon'ny fiakarana sehatra i Lianah andro maromaro izao. Tsotra ny antony, nanomana ny fiakarany an-tsehatra amin'ny fomba miavaka izy. Nanao famerenana ireo hirany hatrizay nahafantarana azy sy ireo hirany vaovao izy. Mbola voatanany hatrany ny tanjany sy ny herijikany amin'izao fotoana izao fa tsy araka ny fiheveren'ny maro azy. Mbola miampy zavatra hafa aza izany. Hanolotra seho miavaka etsy amin'ny "Chez Papa" Isoraka izy anio hanomboka amin'ny 10 ora alina. Entiny ao daholo ireo hira tsy afaka ambavan' ny olona sy nahafantarana azy hatrizay. Fihaonana amin'ny mpankafy io ary hanome fahafaham-po azy ireo no tanjon'i Lianah. Santionany amin'izany ry "Tsontsoko", "Tompon'ny Foko", "Hiala Zah", "Ngoma lahy zaho" sy ny maro hafa. Amin'ity anio ity no ahitana an'i Lianah amin'ny endriny vaovao sy ireo kantony nahababo olona maro. Tsy vitsy no nahazo fananarana ka nanova ny fiainany rehefa nahare ny hiran'i Lianah. Azo lazaina fa mpitondra hafatra ihany koa izy fa tsy mpanakanto tsotra fotsiny. Araka ny fanavan'ny mpampiatrano "Chez Papa" dia tsy hisy vidim-pidirana ny fampisehoana hanomezana fahafam-po ny mpankafy. Fandraisana anjara amin'ny fividianana ireo tolotra sakafo sy zavapisotro efa omanin'ny trano no solony.



**Lianah amin'ny endriny vaovao no ho hita etsy amin'ny Chez Papa anio.**

**Tiaray R**

"ROAD To BAL - ELITE 16"

# Miandrandra ny ekipan'ny polisim-pirenena ny mpankafy basket-ball Malagasy rehetra



Hananana fanantenana ny COSPN.

Mifantoka tanteraka any amin'ny kianja mitafon'ny Ellis Park-n'i Johannesburg – Afrika Atsimo, anio tolakandro, ny fo amam-panahin'ny mpankafy basket-ball Malagasy rehetra, hanaraka akaiky ny fizotran'ny lalao manasa-dàlana amin'ny "ROAD To Basket-ball Africa League – Elite 16", izay hifandonan'ny "Club Omni-Sport de la Police Nationale (COSPN)" amin' ny ekipan'ny Cape Town Tigers-n'i Afrika Atsimo, nitàna ny laharana faharoa tao anatin'ny vondrona A nisy azy raha faharoa kosa ny tompondakantsika tao amin'ny B. Raha ny fizotran' ny lalao, nanomboka tany amin'ny lalao fifanintsanana isam-bondrona no tsiahivina, dia tsy mbola nisy nandresy mihitsy ity ekipa afrikanina tatsimo ity fa nomontsaniny avokoa izay nifandona taminy. Tombanan'ny mpanaraka ny fifaninanana fa manantombo amin'izao fihaonany amin'ny Malagasy izao ny tompontanana. Etsy andanin'izany kosa anefa dia nampitolagaga ny mpanaraka basket-ball afrikanina ny zavabitan'ny COSPN, izay nanilika ny JBC –n'i Zimbaboe tsy hiatrika ny lalao manasa-dàlana, satria tamin'ny isa 78 no ho 73 no nisarahan'ny ekipa roa tonta. Nitarika tamin'ny isa hatrany ny JBC, ka 42 no ho 41 no nialan'ny ekipa roa tonta sasatra. Marihina mantsy fa tany amn'ny minitra faramparan'ny ampahefa-potoana fahefatra vao nisongadina ry Elly / Bila / Livio / Arnol / Bishop / Emmanuel…Araka izany dia mety hitombona ny vinavina sy ny tombatomban'ny mpitantana ny COSPN fa hiatrika ny dingan' ny famaranana amin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika no tanjona tratrariny. Tsy dingana voalohany dia vita toy ny tamin'ny taona 2022 !

**aris rafaly**

## Ako faran'ny herinandro

***–Rugby - "Coupe de Mada***": Hanomboka amin'izao faran'ny herinandro izao ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara, eo amin'ny taranja Rugby. Fihaonana 4 no voalohatra amin'izany, izay inoana fa hiady avokoa. Toy izao no fandaharan-dalao rehetra. Alahady 26 novambra - kianja Makis - 9ora maraina : FTB Andohatapenaka # US Ankadifotsy, 11ora: TF Anatihazo # UASC, 1ora: TFM Ankasina # STM, 3ora: TAM Anosibe # MANG'ART Manjakaray.



Hangotraka indray ny fihaonana eny amin'ny kianja Makis !

***Tsipy kanetibe - "Grand Open litchi***" : Hotanterahana any amin'ny boulodrome vavitiana Toamasina anio sy rahampitso, ny andiany faha-17 amin'ny"Grand Open litchi ", taranja Tsipy kanetibe. Efa vonona tanteraka amin'ny fikarakarana ny ligin'Atsinanana, mpikarakara ny hetsika. Marihana, natokana ho an'olondroa miaraka lehilahy (Boss - élite) sy olon-droa miaraka vehivavy ny fifaninanana. 120.000Ar no saram-pandraisana anjara ho an'ny lehilahy, ka lelavola hatramin'ny 4tapitrisa ar no homena ny tompondaka miampy amboara sy akanjo fahatsiarova. Mahazo lelavola 1tapitrisa ar koa ny tompondaka lefitra raha samy tolorana 250000ar ny ekipa fahatelo sy faha-4. Ho an'ny sokajy vehivavy indray dia 30000ar no saram-pandraisana anjara ka ny 60% ny fitambaran'ny "mises" no hatolotra ny mpandresy, ankilany medaly miampy ny 20% ny "mises" no atolotra ny tompondaka lefitra.

***-Volley - tompondakan'Analamanga*** : Hosokafana amin'izao faran'ny herinandro izao etsy amin'ny kianja cité des assureurs Itaosy, ny fiadiana ny tompondakan'Analamanga, ho an'ny taranja volleyball. Hetsika maro no hanamarihana izany eny an-toerana. Amin'ny heriny kosa vao hanomboka ny fifaninanana, izay efa nivoaka ny fandaharan-dalao rehetra.

***Kitra - "coupe de la ligue Boeny"*** : Hotanterahana rahampitso any amin'ny kianja synthétique Rabemananjara, ny lalao manasa-dalana amin'ny fiadiana ny "coupe de la ligue", taranja baolina kitra. Efa fantatra avokoa ireo ekipa nahazo ny tapakila sy ny fihaonana amin'izany. Amin'ny alahady 3 desambra moa no hanaovana ny lalao famaranana, ka hahazo lelavola 1tapitrisa ar ny mahazo ny anaram-boninahitra, 400000 ar no homena ny laharana faharoa ary homena 200000ar ny laharana fahatelo. Toy izao ny fandaharan-dalao rahampitso. Alahady 26 novambra - kianja Rabemananjara - 12ora sy 30mn - TFA hifandona amin'ny Kidabo FC, amin'ny 2ora sy sasany, ny Fc kintan'ny Boeny hifanandrina amin'ny FC JTM.

***-Jiu Jitsu Breziliana - "Open Africa"*** Efa tafaverina eto an-tanindrazana avokoa ny delegasiona Malagasy, niatrika Ilay"Open Africa natao tatsy Maorisy, taranja Jiu-Jitsu Breziliana. Tsy nitsanga-menatra moa izy ireo tamin'izany izay nipetraka ho laharana fahatelo. Medaly 28 no voandalana nentin'izy 18 mianadahy nandray anjara tamin'izany.

**Rabenaivo**

Mondial U17

# Tafita amin'ny manasa-dàlana i Allemagne sy Argentine

Nahazo ny tapakila, hiatrehana ny lalao manasa-dàlana amin'ny « Mondial U17 » zazalahy, tanterahina any Jakarta – Indonezia, ny Mannschaft alemanina sy ny Albiceleste arzantina. Nivoaka sempotra i Allemagne vao nandavo an'i Espagne tamin'ny « penalty/71 mn ». Nomontsanin' Argentina tamin'ny 3 no ho 0 kosa ny Seleçao breilzina ka Echeverri avokoa no nampiditra ny baolina tamin'izany. Toy izao kosa ny lalao ampahefa-dàlana anio : France # Ouzbekistan ; Mali # Maroc.

**a.r**

## Ho anao Ramatoa

# Fanalàna panda sy tasy natoraly



**Voasarimakirana**

Akora iray fampiasan'ny maro amin'ny fikarakarana tarehy ny voasarimakirana raha misy panda na pentina mainty ireny. Raha manana hoditra maina anefa dia tsy tsara loatra ny mampiasa azy. Zavatra ilaina: voasarimakirana 1, siramamy fotsy 1sotro fihinanana. Fikarakarana azy: Atao anaty lovia jobo ny ranona voasarimakirana ary asiana siramamy. Afangaro tsara. Rehefa izany, sasàna madio tsara ny tarehy ary avela ho maina. Maka vovondandihazo dia hosorana io fangaro io. Avela hilona mandritra ny 20 minitra dia kobanina amin'ny rano matimaty. Atao isan'andro na isaky ny roa andro mandritra ny 15andro eo ary soloina vaovao foana ny akora ampiasaina.

**Huile d'olive**

Azo ampiasaina tsara amin'ny fanadiovana tarehy ihany koa ny "huile d'olive" na "huile d'amande douce". Zavatra ilaina: "huile d'olive" na "huile d'amande douce" ½ sotrokely, siramamy mena 1sotrokely. Fikarakarana azy: afangaro anaty lovia jobo ny menaka sy ny siramamy ary afangaro tsara. Diovina tsara ny tarehy dia hosorana an'io fangaro io. Raha manana karazana hoditra malefaka dia afaka soloina tantely ilay menaka. Avela hilona 15minitra eo dia kobanina amin'ny rano matimaty. Afaka atao isan'andro mandra-pahita vokatra.

**Tamotamo**

Anisan'ny akora mahomby amin'ny fanadiovana tarehy ny tamotamo araka ny fikarohana nataon'ireo manampahaizana. Manampy amin'ny fanalàna panda sy tasy amin'ny tarehy ny tamotamo. Misafidy iray amin'ireo araka ny hodi-tava na ampifandimbiasana ihany koa. Atao mitovy fatra hatrany ny akora ampiasaina 1sotrokely avy. Tamotamo sy tantely, tamotamo sy diloilo coco, tamotamo sy vahona, tamotamo sy tamenak'atody, tamotamo sy yaourt nature. Misafidy amin'ireo dia afangaro anaty lovia jobo ary ahosotra amin'ny tarehy efa avy nosasàna. Avela hilona 15 minitra eo ary kobanina rano matimaty. Atao isaky ny roa andro ka rehefa mahita vokatra dia ajanona.

**R.C**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mme Feno. Mivídy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 688/20-10)

### SERVICES

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plombier, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 692-6-4)

### VIDANGE

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 685/17-13)

* Sce vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 689/15-9)

### MITADY ASA

* Equipe Maçon mahay. Mitady asa : manangana sy manao finit° rhtr (carreaux…). Tél : 034.23.909.68. (G-BA 694/10-3)

* Mitady asa chauffeur, permis complet - Ex : 30 ans. Tél : 034.76.567.70. (G-BA 695)

Fihaonana - Ankazobe

# Fanafihana narahina doro trano, jiolahy iray maty voatifitra

*Tsy nety nijanona izy na dia efa nomena fampitandremana aza ka maty vokatry ny tifitra nahazo azy.*

Jiolahy raindahiny iray indray no maty voatifitry ny zandary tany Mahavelona - Ankazobe ny Alarobia lasa teo. Araka ny fanazavana, nahazo vaovao ny zandary fa misy amin'ireo jiolahy nanafika tao Fihaonana hitan'ny olona any Mahavelona. Nidina ifotony avy hatrany ny zandary hisambotra ireo jiolahy tao Merikanjaka, kaominina Mahavelona. Tratra teo ampilokana niaraka tamin'ny namany ny iray tamin'ireo jiolahy ka tonga dia nosamborina. Rehefa nofotorana io dia nanondro ny namany. Nentina nitari-dàlana hanoro ny toerana misy ireto farany izy. Tamin'izany indrindra anefa no nikasa hitsoaka ity jiolahy ity. Na dia efa nomena fampitandremana aza anefa izy dia mbola nanohy ny fandosirany hatrany ka io maty voatifitra io.

**Karohina**

Mbola mitohy hatrany amin' izao ny fanadihadiana sy ny fikarohana ataon'ny zandary ny naman'ity jiolahy ity. Raha tsiahivina, mpivarotra iray tao Andriakely, fokontany Andranofotsy, kaominina Fihaonana no notafihan' ireto jiolahy ireto ny 13 nôvambra lasa teo. Nodoran' ireo jiolahy mihitsy moa ilay trano notafihany ary ny solika entam-barotra tao ihany no nandorany azy. Na teo aza anefa izany dia tsy nisy ny zavatra lasan'ireo jiolahy satria nalaky tonga ny zandary. Vaky nandositra avokoa ireo jiolahy. Renimpianankaviana iray kosa no namoy ny ainy vokatry ny fahatairana sy tsy fahazakana ny zava-nitranga nandritra io fanafihana io.

R.C

Zandary "CIRGN"

# "Jiolahy ireo dimy lahy maty voatifitra teny Andohanimandroseza"

Anatin'ny fanadihadiana tanteraka mikasika ilay tranga teny Andohanimandroseza ny zandarimariampirenena. Nitondra fanazavana teo anoloan'ny mpanao Gazety ny kaomandin' ny vondrontobim-paritrin'ny Zandarimariam-pirenena Analamanga fa jiolahy ireo 5 lahy maty voatifitra ireny ary efa betsaka ny fanafihanjiolahy vitan'ireo. *"Ny 31 oktobra lasa teo efa nanafika teny Anjanamasina Anosiala. Ny 2 novambra, nanafika teny Ankadikely. Ny 14 novambra, teny Bongatsara. Ny 19 novambra, teny Amborompotsy Talatamaty. Ilay fiara "Toyota Land Cruiser" iny ihany koa dia matetika ampisan'izy ireo rehefa manao ny asa ratsy"* : hoy ny lietnà kolonely Tojo Raoilijon,lehiben'ny zandary "Cirgn". Ankoatra an'ireo namoy ny ainy dia nisy telo



Nanazava ny zava-nisy teny Andohanimandroseza ny zandary.

tafatsoaka, nitondra basy "kalachnikov". Misy telo hafa koa voasambotra ary hakarina fampanoavana tsy ho ela. *"Asan-jiolahy tanteraka io niseho. Ny olona no mampiditra resaka politika amin'io fa ny anay dia fanadihadiana na "enquête pénale" ary efa natao tatitra any amin'ny Fitsarana ny momba izany"* : raha ny fanazavan'ireto zandary. Nanampy betsaka ireo mpitandro filaminana ny fisian'ireo "caméra de surveillance" ary voamarina tamin'ny alalan'izany ny fahitana an'ilay fiara "4x4 Land Cruiser" sy ny lalana nalehany nandritra ireo fanafihana. Fitaovam-piadiana maro, firavaka ary vola taratasy ariary zato maromaro izay voalaza fa an'ireto olon-dratsy namoy ny ainy no nasehon'ny mpitandro ny filaminana nandritra ilay valandresaka. Nambara tamin'izany fa mody mitondra dosie "Bianco" sy "Présidence" ireo mpanafika ireo. Io no ahafahany miditra any an-tranon'olona ary rehefa tafiditra ao izy ireo dia avy eo mangalatra. Voaporofo ao anatin'ny findain'ireo olona ireo fa jiolahy ry zareo. Mikasika ilay feo mandeha hoe volabe amina miliara tao anaty fiara kosa dia nandiso izany ny zandary fa hoe vola madinika ireo ariary zato maromaro no tao fa tsy araka ilay feo miely.

Deyland

Ihosy

# 5 lahy ao anaty tambajotra mpamaky trano, sarona

Lehilahy dimy izay voalaza fa mpamaky trano no voasambotry ny polisy tany amin'ny distrikan' Ihosy. Taorian'ny vaky trano niseho tany an-toerana dia nametraka fitoriana tany amin'ny biraon'ny polisy ny tompon'ny trano vaky. Nanomboka tamin'izay ihany koa ny famotorana sy ny fikarohana nataon'ny polisy. Taorian'izay dia nahazo loharanom-baovao izy ireo mikasika ny toerana ahitana ireo olon-dratsy ka vantany vao naheno izany dia nandeha nanao fidinana ifotony. Nisy ny vela-pandrika natao ka ireo nahatrarana ireo lehilahy miisa dimy ireo. Araka ny fantatra dia entana maro be anisan'ny nangalarin'ireo olon-dratsy ihany koa no tra-tehaka tao amindry zalahy ireo, toy ny kojakoja fampiasa ao andakozia, baffles, écran plat, kidoro, bisikleta, seza maromaro sns. Nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana ireo voasambotra taorian'ny fisamborana azy ireo. Nandritra ny famotorana natao azy ireo no nahafantarana fa efa mpamerin-keloka avokoa izy dimy lahy tratra ireo.

T.H

"Madagascourt Film Festival " (RFC)

# Firenena 21 manerana izao tontolo izao no handray anjara

Mampanantena fifaninanana am-pirahalahiana eo amin'ireo sarimihetsika fohy miavaka avy amin'ny kaontinanta Afrikana ny mpikarakara ny "Festival Film de Madagascar" (RFC teo aloha) andiany faha-18. Ny horontsary tsirairay dia ho fampitana fihetseham-po mampientam-po amin'ny fizarana sy fitadiavana ny ahiahin'ny tanora vaovao mpamokatra sarimihetsika aty Afrikana. Misy hatrany ny zava-baovao atolotry ny mpikarakara isan-taona ka amin'ity taona ity ny hampiavaka azy dia ny fandraisan'anjaran'ny mpanatontosa dimy avy any Brezil. Ny fiaraha-miasan'ny mpikarakara sy ny "Centro Afrocarioca de cinema" avy any Brezil miaraka amin'ilay tetikasa « Encontro de Cinema Negro Zozimo Bulbul: Brasil, África, Caribe e outras diásporas » no nahafahana nanao izany raha araka ny fanazavan'i Laza. Fotoana tokana ahafahana mahita ny fahasamihafana ara-kolontsaina sy ara-javakanto ihany koa anefa saingy mampiray ny firenena roa tonta, amin'ny alàlan'ny masoivohon'ny « Centro Afrocarioca ». Ankoatra ny firenena Breziliana izay handray anjara feno amin'ny fifaninana dia firenena 20 hafa maneranan-tany ihany koa no tonga eto amintsika. Mifaninana amin'ny sokajy efatra eto Madagasikara izy ireo, dia ny fifaninanam-pirenena, ny tantara foronina pan-Afrikanina, ny fanadihadiana momba ny pan-Afrikanina ary ny animation pan-African.

**Tetikasa "Kidinike"**

Tsy mijanona eo amin'ny fifaninana ihany anefa ny hetsika fa efa nisy ihany koa ny fifanakalozan-kevitra mitondra ny lohateny hoe "Kidinike" izay iarahana amin'ny mpaka sary Rijasolo sy ny mpanatontosa Raymond Rajaonarivelo, ny 27 novambra izao, ao amin'ny Hakanto Contemporary. Natao hiresahana ny fifandraisan'ny sary sy ny sarimihetsika io fihaonana io. Atrikasa isan-karazany ihany koa no ao anatin'ny fandaharana izay manodidina ny sarimihetsika hatrany. Marihana fa omaly no nanokafana amin'ny fomba ofisialy ny « Madagascourt Film Festival » tetsy amin'ny IFM Analakely. Hitohy any Mahajanga any Antsanatia ny 29 izao ny tapany faharoa ary any ihany koa no hamaranana azy sy hanolorana ny amboara.

Tiaray R

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola

Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 402 - 11 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Vary endasina amin'ny makamba

Zavatra ilaina : vary 1 kapoaka, petits pois ½ kapoaka, atody 1, menaka, makamba 110g, tongolo be 3, sira sy dipoavatra

Andrahoy ny vary ary torak'izay koa ny petits pois. Avy eo tsihifo ny petits pois. Kapohy ny atody anaty lovia lalina. Hafanao ny menaka dia arotsahy ao ny makamba efa madio tsara. Rehefa mendy tsara dia tsihifo anaty lovia. Arotsahy anatin'ilay lapoaly indray ny tongolo be, ny vary efa nomasahina kely. Endaso ihany koa ny atody ataovy omelety ary avy eo dia arotsahya o ny vary, ny makamba, ny petit pois. Aza adino ny sira sy dipoavatra. Arorohy tsara dia arosohy mafana.

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Mandrakizay




## Hatsikana an-tsary

Dahalo




## Masoandro Miposaka

**Nomery 10 : 11**

**Ary tamin'ny andro faharoa-polo tamin'ny volana faharoa, tamin'ny taona faharoa, no niakaran'ny rahona niala teo ambonin'ny tabernakelin'ny Vavolombelona.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Mainty helika hoatry ny mpanefy.**

Etre noir sous les bras comme un forgeron.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3108**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | | | | | | 3 | | |
| 3 | | | | 8 | | | 4 | 5 |
| | | 6 | 9 | | | | | 1 |
| | 3 | | | 4 | | 7 | | |
| 5 | | | | | | | 2 | |
| | 9 | | 2 | | | | 8 | |
| | | | | | | | 9 | |
| | | | | 5 | 6 | | | 7 |
| | 8 | | 3 | | 1 | | | |

Valin'ny laharana **3107**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 8 | 9 | 5 | 7 | 2 | 4 | 1 | 3 |
| 2 | 7 | 1 | 3 | 6 | 4 | 8 | 5 | 9 |
| 4 | 3 | 5 | 9 | 1 | 8 | 2 | 7 | 6 |
| 3 | 5 | 2 | 8 | 9 | 1 | 6 | 4 | 7 |
| 1 | 4 | 7 | 6 | 2 | 3 | 9 | 8 | 5 |
| 8 | 9 | 6 | 7 | 4 | 5 | 1 | 3 | 2 |
| 7 | 2 | 4 | 1 | 5 | 6 | 3 | 9 | 8 |
| 5 | 1 | 3 | 2 | 8 | 9 | 7 | 6 | 4 |
| 9 | 6 | 8 | 4 | 3 | 7 | 5 | 2 | 1 |

Fifanolanana ara-pifidianana

# Fitarainana roa no voaray eny amin'ny HCC

*Nitondra ny porofo momba tsy fahatomombanana tamin'ny zotram-pifidianana ny kandidà faha -13.*

Raha somary nangina teo aloha, dia efa manomboka tonga eny anivon'ny biraon' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana etsy Ambohidahy ireo fitoriana momba ny fifanolanana ara-pifidianana. Hatreto mbola vao fitarainana roa no voarain'ny HCC nanomboka omaly. Ny kandidà laharana faha-13 Randrianasoloniako Siteny no efa nametraka ny fitoriany momba ny fahitany ireo tsy fahatomombanana eny amin'ny HCC. Araka ny fanazavana nentiny tamin'ny mpanao gazety dia mizara roa miavaka tsara ny fitorian'izy ireo. Voaloahany amin'izany ny fanafoanana amin'ny ampahany ny vato azon'ny kandidà laharana faha-3 tamin'ny tsy ara-dalàna izay mety hitarika ny tsy fankatoavana ny fifidianana nisy. Eo ihany koa ny fanalana andaharana ny kandidà laharana faha-3 noho tsy fanajany sy fanaovany tsinontsinona ny HCC amin'ny maha Andrimpanjakana azy. Tetsy andanin'izany, nitondra ny porofo izay hitan'izy ireo fa tsy fahatomombanana tamin'ny fizotran'ny fifidianana ny kandidà faha-13. Nasehon'izy ireo tamin'izany ny fampitahana ireo fitanana an-tsoratra izay heveriny fa nisy ny hala-bato. « *Mitaky ny hitohizan'ny fampitahana ny fitanana an-tsoratra isaky ny braom-pifidianana izahay*", hoy ity kandidà ity teny Andohanimandroseza. Manana herinandro ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana hamaliana ny fitarainana izay voarainy. Araka ny vaovao izay voaray, dia mety alohan'ny faha-4 desambra izao no hamoaka ny vokatra ofisialy tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany natao ny faha-16 novambra lasa teo ny HCC.



**Ny kandidà laharana faha-13 nanazava ny fitoriana napetrany teny amin'ny HCC.**

**JUDD**

SAFIDY - Fanaraha-maso ny fifidianana

# Nitaraina ho niharana fandrahonana sy tsindry teo am-panatanterahana ny asany

Nitaraina manoloana ny nanjo ireo olombelony nanatanteraka asa fanarahamaso ny fifidianana filohampirenena notanterahana teto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny 16 Novambra lasa teo ny SAFIDY raha nanao valandresaka ho an'ny mpaao gazety teny Ambatonakanga, omaly. "*Na dia eo aza ny fikirizanay tsy azo hozongozonina amin'ny fitandrovana ny fangarahارana sy ny fahamarinan'ny zotram-pifidianana, dia nisy tranga niseho tany amin'ny faritra maro, nahakasika ny mpanara-maso fifidianana, izay niharan'ny fampitahorana, eny hatramin'ny herisetra ara-moraly aza ary norahonana*", hoy ireo lohandohany eo anivon'izany vondron'ny firaisamonim-pirenena tamin'izany. Eo anatrehan'izany, naneho ny ahiahiny lalina manoloana ireo trangana fandrahonana vao haingana natao tamin' ireo mpanara-maso fifidianana teny ifotony ireo ny SAFIDY.

**Herisetra**

"*Zava-dehibe ny hanamafisana hatrany fa ilaina ny fisian'ny mpanara-maso ny fifidianana mba hiantohana ny fahamarinan'ny zotram-pifidianana, ka mampihena ny fahatokisana ny fifidianana izany fihetsika fandrahonana sy antsojay izany ka tsy azo ekena*", hoy hatrany izy ireo. Araka izany, manainga ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny mba handray fepetra haingana hiantohana ny fiarovana sy ny filaminan-tsain'ireo mpanara-maso eny ifotony ny SAFIDY. Ambonin'izany dia miantso ny mpiara-miombon' antoka rehetra mba hanaja ny zo fototry ny mpanaramaso ny fifidianana amin'ny fanatanterahana ny asany tsy misy tahotra io vondron' ny firaisamonim-pirenena io. Farany, nanainga ny fianakaviambe iraisam-pirenena izy ireo mba hanara-maso akaiky ny zava-misy ary hanameloka amin'ny fomba hentitra ny herisetra na ny fampitahorana ny mpanaramaso ny fifidianana.

**Mamy R.**

Vondron'ny kandidà 10

# "Tsy namaha olana hatreto ny dinika niarahana tamin'ny FFKM sy ny PAN"

Vaky vava ireo mpitarika ny Vondron'ny kandida 10 raha nanao fanambarana iraisana omaly fa na dia teo aza ny fiantsoana fiarahamidinika nitadiavana vahaolana am-pitoniana, izay notarihan-dRtoa Christine Razanamahasoa, Filohan' ny Antenimierampirenena (PAN) sy ireo Raiamandreny ara-panahy eo anivon'ny FFKM dia mbola tsy voavaha ny olana rehetra ary mbola tsy nisy nivaly ny fitakiana nataon'izy ireo tao anatin'izay herinandro maromaro izay. "*Raha vahaolana no nandrasana dia olana sy fandikan-dalàna hafa toy ny hala-bato, ny tsindy natao tamin'ny mpiasam-panjakana, ny fampiasana fitaovam-panjakana amin'ny fampielezan-kevitra indray no indray no tonga sy hita nandritra iny zotram-pifidianana natao amboletra iny*", hoy ireo mpanao politika ireo tamin'izany. Etsy andanin'izany, naneho mazava ny fomba fijeriny sy ny fanapahan-kevitra noraisiny manoloana ny fifidianana filoham-pirenena notanterahana tamin'ny 16 Novambra teo ihany koa ny vondron'ny kandida tao anatin'ny fanambarana nataon'izy ireo, omaly. Nahitsy ireto farany raha nilaza tamin'izany fa tsy afaka ny hankatoa izay voka-pifidianana hivoaka eo izy ireo ary tsy ho tompon'antoka amin'izay mety ho tsy fahamarian-toerana arapolitika sy ara-tsosialy mety hitranga ihany koa.

**Afa-baraka**

"*Fanitsakitsahana ny fiandrianam-pirenena fotsiny tsotra izao ny fanatanterahana fifidianana ambo-letra entina hametrahana olona efa tsy mizaka zompirenena malagasy hitantana ny firenena. Ankehitriny, afa-baraka tanteraka eo anatrehan'izao tontolo izao i Madagasikara satria sady mihemotra ara-demokratika isika no mihemotra eo amin'ny lafiny toekarena. Noho ireo antony ireo dia sokajianay ho toy ny tsy misy iny latsa-bato iny* », hoy ny vondron'ny kandida tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, nantintranterin' ireo mpanao politika nilatsaka hofidiana ireo fa tsy miova ny fitakiany dia ny fanajana ny lalampanorenana sy ny lalàna velona, ny fanajana sy fiarovana ny zon'olombelona, ny fahalalahana maneho hevitra sy mivory am-pitoniana, ny fanatsarana ny tontolon'ny fifidianana.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Vao manomboka... !

**Sesilany ary zary lasa fomba mahazatra ny manampahefana amin'ny ankapobeny sy ny mpitandro filaminana, tato anatin'ny volana maromaro izao ny misambotra na miantso ireo mahasahy manakiana ny fomba ratsin'ny mpitondra ary anaovana fanadihadiana. Tsy misy afa-bela amin'izany ny mpanao pôlitika, ny mpaneho hevitra eny amin'ny tambajotra sôsialy. Ary vao omaly no omaly no nohadihadiana teny amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana ny filohan'ny sendikàn'ny mpiasa Malagasy sy mpampianatra mpikaroka eny amin'ny ambaratonga ambony. Samy manana ny andraisany ny zava-misy ny olom-pirenena. Ao ny milaza fa fomba ampitahorana ireo mahasahy miteny, mba hampanginana azy ireo ny fisambrana. Ny hafa milaza fa vao manomboka izy io. Antony, mbola mpitantana vonjimaika ny firenena no eto dia efa izao no zava-mitranga. Ary mametra-panontaniana izy ireo hoe inona no hitranga amin'ny dimy taona, rehefa tafaverina amin'ny toerany ny filoha teo aloha? Misy kosa ny efa lasa lavitra ny eritreriny ny amin'ny hoe tadindomin-doza ny demôkrasia eto amintsika, raha toa ka tsy ho sahy haneho hevitra avokoa ny sokajin'olona samihafa. Raha izay no mitranga dia ahiana hizotra ho any amin'ny didy jadona ny fitantanana ny raharaham-pirenena, hoy ny sasany. Ny hafa kosa velom-panantenana fa hafa raha samy firenena aty amin'ny kaontinanta afrikana i Madagasikara sy ny mponina ao aminy ! Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa hazakazaka arahin-tosika ny fanomanana ny famoahana ny voka-pifidianana vonjimaika. Toy izany koa ny vokatra ôfisialy. Mandeha ny feo fa vitaina fihodinana voalohany ny raharaha. Samy dodona miandry izay hitranga ny olom-pirenena.**

Voahangy Rakotozafy

Rabemananjara Samuelson

# "Ataovy latsa-bato ny fankasitrahana ny voka-pifidianana"

Isan'ny miteraka olana goavana eto amin'ny firenena matetika ny fisiana trangan-javatra aorian'ny fifidianana. Isan'ny lehibe amin'izany izay tena miteraka fifanolanana eo amin'ireo samy mpanao politika ny fankatoavana na tsia ny voka-pifidianana. Ho an'Atoa Rabemanajara Samuelson izay olom-pirenena tsotra maneho ny heviny sy mitondra anjara biriky amin'ny fanarenana ny firenena. Soson-kevitra narosony ny amin'ny hampisafidianana ny mpifidy indray mandeha amin'ny alalan'ny latsa-bato ny fanekena na tsia ny voka-pifidianana. « *Mba ho solon'ny mety hisian'ny fihodinana faharoa dia ataovy latsa-bato ny fankasitrahana na tsia ny valim-pifidianana* », hoy ny fanazavany. Aminy mety ho tafiakana ambony dia ambony tokoa ny tahan'ny fandraisana anjara amin'izany raha toa ka tena hirosoana sy tanterahina ity soson-kevitra ity. Tanjona amin'izany araka ny filazany ny hisian'ny fahamarinan-toeran'ny fitondrana mba hialana amin'ny krizy politika lalina mety hidiran'ny firenena.

**JUDD**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Pr Sammy Grégoire sy Barson Rakotomanga

# Nahazo fahafahana vonjimaika, hotsaraina amin'ny 12 desambra

*Notanana teny Fiadanana nandritra ny roa andro.*

Nivoaka ny didy ho an'ireo mpitarika sendika roa lahy eo anivon'ny SECES sampana Antananarivo sy ny Randrana Sendikaly. Taorian'ny nitondrana azy ireo tao amin'ny fampanoavana eny Anosy, omaly tokony tamin'ny 4 ora hariva, dia natao ambany fanaraha-mason'ny Fitsarana ny Pr Sammy Grégoire, filohan'ny SECES sampana Antananarivo, ary nahazo fahafahana vonjimaika kosa ny mpitarika ny Randrana Sendikaly, Barson Rakotomanga. Amin'ny 12 desambra ho avy izao no hitsarana azy ireo. Tsiahivina fa nahazo fampiantsoana teny amin'ny Sampana fikarohana heloka bevava teny Fiadanana ireto mpitarika sendika ireto noho ny fiahiahiana azy ireo ho manohintohina ny fiandrianam-pirenena. Ny alarobia 22 novambra tolak' andro izy ireo no niatrika ny fanadihadiana teny amin'ny biraon'ny zandary teny Fiadanana. Tsy navela nody izy ireo taorian'ny fanadihadiana fa notanana vonjimaika teny an-toerana. Omaly tokony ho tamin'ny 5 ora hariva taorian'ny nitondrana azy ireo teny amin'ny fampanovana vao afaka niverina tany amin'ny fianakaviana ireto farany. Nanamafy ny filohan'ny SSM (Solidarité Syndicale de Madagascar), Andrianavalona Herizo, fa tsy vahaolana ary tsy hampihemotra ny fitakiana sendikaly ny fanaovana ramatahora toy izao.

**R. Muray**

Fisondro-bidim-piainana

# Nihena fa mbola tsy zakan'ny fahefa-mividin'ny Malagasy

Tsy zakan'ny fahefa-mividin' ny vahoaka malagasy ny fisondro-bidim-piainana ankehitriny. Na izany aza, nahitana fihenana nandritra ny sivy volana voalohany tamin'ity taona ity. Araka ny tarehimarika ofisialy hita ao anatin'ny volavolan-dalàna ho an'ny fitantanambolampanjakana amin'ny taona 2024, dia nihena ho 8,2 isanjato ny tahan'ny fisondrobidim-piainana tamin'ny volana septambra lasa teo. Efa tafakatra 12,4 isanjato io taha io tamin'ny volana martsa ary mbola nidina 11,4 isanjato tamin'ny faran' ny volana jona. Tsy hitan'ny aty vilanin'ny ankamaroan' ny tokatrano malagasy anefa izany. Araka ny angombaovao farany nataon'ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, teo anelanelan'ny 13 ka hatramin'ny 19 novambra lasa teo, dia mbola misy mahatratra 3 300 Ariary ny kilaon'ny vary, 8 800 Ariary ka hatramin'ny 12 000 Ariary ny litatry ny menaka, 5 000 Ariary ny kilaon'ny siramamy, 5 000 Ariary ny kilaon'ny lafarinina, sns. Miakatra ary tsy mety midina avokoa ny ankamaroan'ny vidin'ny entana ilaina andavanandro eny an-tsena. Ny karama sy ny fidirambolan'ny malagasy anefa zara raha misondrotra, ka mihena miandalana ohatry ny fen'antitra ny fahefa-mividy.

**R. Muray**

Minisitry ny mponina

# Manatanteraka hetsika hisorohana sy hiadina amin'ny herisetra

Toy ny efa fanao isan-taona dia manomboka anio sabotsy 25 novambra hatramin' ny faha-10 desambra 2023 no hanatanterahana ny hetsika hisorohoana sy hiadina amin'ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy na mahavavy.*"Ny firenena maneran-tany no mandray anjara amin'izany, ary ao anatiny koa isika eto Madagasikara. Lohahevitra ny hoe : "Isika rehetra mitambatra, mba hisorohana ny herisetra hatao amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy". Fantatra mantsy fa vehivavy malagasy iray amin'ny telo no iharan'ny herisetra arabatana, ara-tsaina, aratoekarena ary vehivavy iray amin'ny fito no tratran'ny herisetra ara-nofo, ka ny trangana herisetra eny anivon'ny tokantrano no tena maro amin'izany. Tsy azo hamaivanina izany satria miteraka ratra arabatana sy ara-tsaina ary ara-nofo. Indraindray aza dia tonga hatrany amin'ny fahafatesana mihintsy"*, hoy Rtoa Soafilira Princia, Minisitry ny mponina sy ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy entina manomboka an'ity hetsika ity. Raha ny eto Madagasikara dia efa misy ireo ivon-toerana hihainoana sy handraisana antanana ireo niharan'ny herisetra. Miara-misalahy amin' izany avokoa ireo Minisitera tompon'andraiktra amin'ny ady amin'ny herisetra.



**Entanina ny mpiantsehatra rehetra mba hitondra ny anjara biriky, hiaraka hiady amin'ny herisetra mifototra amin'ny mahalahy na mahavavy, hoy ny Minisitra Soafilira Princia.**

**Anjara biriky**

*"Mila havondrona anefa ny hery avy amintsika tsirairay avy mba hisorohana sy hitsaharan'ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy. Mila mifanabe sy manabe isika fa tsy misy manana ny marina amin'ny herisetra atao amin'ny olona iray. Noho izany entanina ny mpiantsehatra rehetra mba hitondra ny anjara biriky, hiaraka hiady amin'ny herisetra atao amin'ny lahy, na ny vavy, na ny ankizy, ny zokiolona na ny olona manana fahesembanana. Raha mahita trangana herisetra ianao, na iharan'ny herisetra ihany koa, dia manana adidy hampahafantatra izany eny amin'ny mpiantsehatra ara-tsosialy sy eny amin'ny manampahefana. Manana adidy izaho sy ianao amin'ny ady hatao amin'ny herisetra"*, hoy hatrany Rtoa Soafilira Pincia, Minisitry ny mponina. Efa isan'ny filamatra sy fomba fiteny hatrany moa ny hoe : aoka izay ny herisetra, resentsika miaraka ny herisetra.

**HAR**

Tranom-pokonolona Isotry

# Ankizy 1 350 nahazo kopia noho ny fitsarana mitety vohitra

Mitohy ny ezaka kopia ho an'ny sora-pahaterahana faobe eto Antananarivo Renivohitra. Notanterahina omaly tetsy amin'ny tranompokonolona Isotry ny fitsarana mitety vohitra ho an' ireo zaza latsaky ny 18 taona miisa 1 350 ao anatin' ny boriborintany voalohany. Ny kaominina Antananarivo Renivohitra no mikarakara ary ny OIF (Organisation Internationale de la Francophonie) no mamatsy vola ny asa rehetra. Efa nanomboka tamin'ny fiandohan'ity taona ity ny fiaraha-miasan' ny roa tonta, ary kopia eo amin'ny 12 000 no vinavinain'ny kaominina hovitaina. Marihina fa aorian'ny fahavitan'ny fitsarana mitety vohitra dia mahazo didy misolo sora-pahaterahana ireo ankizy. Io didy io avy eo no entina soratana eny anivon'ny firaisana vao tena mahazo ny kopia nahaterahana ireo ankizy. Nokendrena ao anatin'ity hetsika ity ny hanome fahafahana ho an'ireo ankizy hisitraka ny zo feno amin'ny maha ankizy azy ireo sy hahafahany mianatra koa.

**R. Muray**

Seces sampana Toamasina

# Mitaky ny famerenana ny karaman'ireo mpampianatra notapahana

Taorian'ny fivoriana nataon'ny Seces sampana Toamasina ny alarobia lasa teodia nanao fanambarana fa *"mitaky tsy misy hatakandro ny famerenana ny karaman'ireo namanay mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ao amin'ny Oniversiten'Antananarivo . Mitaky ny famerenana ho ao anatin'ny teti-bolam-panjakana ny sora-bola ampiasaina amin'ny Oniversite rehetra isan'izany ny ora fanampiny sy ny vacation : ny vatsimpianarana, fampandehanan-daraharaha sy ny Bakalorea, satria io no fototry ny olana mampitranga disadisa misy eo amin'ny mpitondra fanjakana sy ny Sendikàn'ny mpampianatra eny amin'ny Anjerimanontolo"*, hoy ny Seces Toamasina. Notsindrian'ity farany fa *"manamafy ny fitakiana nivoaka tamin'ny filankevitra nasionaly izay natao tao Antananarivo tamin'ny 08, 09 jona 2023 dia : ny fandoavana ny vacations sy ny ora fanampiny rehetra tsy voaloa : 2018-2019, 2019-2020 ary ny 2021-2022, ary ny fandoavana ireo 03 décrets sy ny allovation des recherches ho an'ireo mpampianatra nisotro ronono rehetra eto amin'ny Oniversiten'i Toamasina"*.

**Hasin'ny fampianarana**

Ho famerenana ny hasin'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa ny famahana an'ireo olana izay nambaran'ny Seces Toamasina ireo. Tsiahivina fa ny vao andro vitsy lasa ihany koa izay no nanao fanambarana taorian'ny fivoriambe nataony ny Seces sampana Fianarantsoa ary mitovitovy ihany ny fitakiana ataon'ny Sendikà isaky ny Renivohi-paritany teo aloha.

**HAR**

Homamiadan'ny nono sy vozon'ny tranon-jaza

# Namoahana horonan-tsary fanadihadiana



**Nitety tanàna maro ny ekipan'ny "Fondation Akbaraly".**

Zava-doza ho an'ny fahasalaman'ny vehivavy ny homamiadan'ny nono sy ny vozon'ny tranon-jaza. Nojerena afak'omaly, tao amin'ny IFM (Institut Français de Madagascar) Analakely, ny horonan-tsary fanadihadiana farany momba ny ady sy ny fisorohana nataon'ny ekipan'ny "Fondation Akbaraly" tamin'ny faritra maro manerana ny Nosy. "Miaro ny vehivavy" no lohatenin'ity horonan-tsary fanadihadiana ity. Nanomboka ny taona 2009 no nanampy ireo vehivavy tamin'ny alalan'ny fanentanana amin'ny fanaovana fitiliana sy ny fanentanana amin'ny maha zava-doza ny homamiadan'ny nono sy ny vozon'ny tranon-jaza ny "Fondation Akbaraly". *"Andry fototra ao anatin'ny tokatrano ny vehivavy. Zava-dehibe ny fandraisana antanana ny fahasalamany."*, hoy Cinzia Akbaraly, filohan'ny "Fondation Akbaraly". *"Nahaliana ilay horonan-tsary. Nahafahana namantatra ny asa nataon'ity ekipa ity, indrindra fa tao anatin'ny hetsika "Octobre rose" nanaovana ny ady amin'ny homamiadan'ny nono sy ny vozon'ny tranon-jaza. Hanampy ny FIVAMI amin'ny fanentanana ireo vehivavy ny fahalalana azo tao anatin'ny horonan-tsary. Misaotra ny "Fondation Akbaraly" fa zava-dehibe ho an'i Madagasikara izany."*, hoy ny filoha nasionalin'ny FIVAMI (Fikambanan'ny Vady Miaramila), Rakotoarisoa Gabrielle.

**R. Muray**